ANOSY AVARATRA AVARADRANO

Tsy manaiky ny fanalana azy amin'ny toerany ireo mpivarotra

Tsy manaiky ny fanalana azy ireo amin' ny toerana ivarotany amin'izao fotoana, ireo mpivarotra ao amin'ny sampanan'i Faravohitra any Anosy Avaratra Antananarivo Avaradrano. Ny fokontany sy ny kaominina, sy olona milaza ho tompon'ny tany nefa tsy mampiseho taratasy, na tsy manana taratasy akory, no mikasa hanala ireo mpivarotra. Mitady hanala ireo mpivarotra ny fokontany sy ny kaominina nefa tsy manana vahaolana ny amin'ny hasiana ireo mpivarotra ireo avy eo. Ny tena zava-misy, olona hafa no tena tompon'io tany io, izay manana taratasy ara-dalàna, io tompon'ny tany manana taratasy ara-dalàna io no nifanaraka tamin'ireo mpivarotra, fa mahazo mivarotra amin'io toerana io izy ireo, efa ho 20 taona mahery izao. Manoloana izao antsojay atao aminy izao, miantso ny depiote sy tompon'andraikitra mahefa ara-pitsarana ireto mpivarotra ireto hamaha izao olan'izy ireo izao.

Aly

Nosy Ve, Anakao, Toliara II

Misy mandripaka ireo vorona fady

Nosy Ve, Anakao, distrikan'i Toliara II, Faritra Atsimo Andrefana, misy mandripaka amin'izao fotoana ireo vorona faly na fady any amin'izany toerana izany: vorona "Pailles en queue". Vorona miisa 80 no hita faty, tao amin'ny toerana izay tantanin'ny LMMA, eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Jono sy ny Toekarena Manga. Marihina fa toerana fady sy anisan'ny atahoran'ny olona ity toerana ity nohon'ny fisian'ilay «Vorombe » izay trano misy tromba fangatahan'ireo Mpanjono sy ireo ankohonan'izy ireo fitahiana momba ny Jono.

Raha ny fahitan'ny tompon'andraikitra ny tranga dia karazan'ny ankasomparana no namonoana ireo vorona ireo. Efa manaraka akaiky ny fanadihadiana sy ny fidinana ifotony io tranga io, ny avy eo anivon'ny jono : DRPEB sy ny tontolo iainana : DREDD ary efa nandefa ekipa ihany koa amin'izao fotoana izao ny zandariamariam-pirenena. Araka ny fanisana izay nataon'ny FIMIMANO, fikambanana mitantana io Nosy io dia nahitana 700 eo ho eo, ireo vorona "Pailles en Queue" ireo ao Nosy Ve ny taona 2022.

Efa nidina nijery ny zava-misy ny ben'ny tanàna sy ireo Mpitantana ny fikambanana FIMIMANO, izay samy milaza fa olona no mihaza ireo vorom-paly, na vorona fady ireo. Hanamafy ny fiambenana izy ireo, satria dia efa misy ny maty eritreritra tsy matahotra intsony ny maha-fady ireo vorona ireo.

Niaina

Ireo vorona nisy namono (amin'ny tany) tany Nosy Ve.

Ambahikily, lemaka Bas-Mangoky

Velom-bolo ireo tantsaha, miverina namboly rehefa tsy namokatra 5 taona

Ambahikily any amin'ny lemaka Bas-Mangoky.

Velom-bolo ireo tantsaha mpamboly any amin'ny kaominina Ambahikily distrikan'i Morombe faritra Atsimo Andrefana, any amin'ny lemaka Bas-Mangoky amin'izao fotoana, satria afaka miverina mamokatra izy ireo, rehefa tsy afaka nanao izany tao anatin'ny 5 taona izao. Tsara ihany koa ankehitriny ny rotsak'orana any an-toerana, ka faly ireo tantsaha. Tsy afaka namboly izy ireo tato anatin'ny 5 taona izao, satria nohajariana izany lemaka izany, nohatsaraina ny fampidiran-drano, fiarahamiasa tamin'ny BAD, na ny Banky Afrikana momba ny Fampandrosoana. Vita ny fanajariana tamin'ny taon-dasa, ka dia izao miverina namokatra izao ireo tantsaha. Sahirana anefa izy ireo noho izay 5 taona tsy niasana izay, ka na ny masomboly aza tsy misy. Noho izay antony izay, nanampy ireo tantsaha mpamboly vary sy katsaka any Ambahikily amin'ny lemaka Bas Mangoky, ny mpandraharaha ara-toekarena sady zanaky ny faritra Raharison Durlin. Nanome masomboly katsaka sy vary milanja 1 taonina avy izy.

Aly

Baolina kitra any ivelany

Niverina any Paris i Lionel Messi

Niverina any amin'ny « Camp des Loges », toeram-panazaran-tenan'ny PSG tamin'ny alarobia 4 janoary teo, ilay kalaza Argentin Lionel Messi, rehefa avy niala sasatra tany Argentine niaraka tamin'ny fianakaviany, nankalaza ny fandresena azony niaraka tamin'ny Albiceleste, ka nibatany ny amboara "Coupe du monde" tamin'ny faha-18 desambra 2022 lasa teo. Noraisin'ny mpilalao sy ireo mpiasan'ny klioba tamin'ny alalan'ny "haie d'honneur" izy, nialohan'ny niakarany teo amin'ny kianja fanaovana fanazarantena. "Misaotra ny rehetra aho tamin'ny fandraisana natao ho ahy, hoy i Messi, fa tena nampihetsipo tokoa izany".

Rainilita

Lionnel Messi any amin'ny "Camp des loges".

Fifamoivoizana

Potika be ihany koa Ambondromamy-Mampikony amin'ny RN6

Ny fahasimban'ny lalana amin'ny RN6.

Potika be ihany koa amin'izao fotoana ny lalampirenena faha-6 (RN6) mampitohy an'Ambondromamy faritra Boeny, sy Mampikony faritra Sofia. Sahirana noho izany ireo mpitatitra, sy ireo olona mitondra fiarakodia mampiasa izany lalampirenena izany. Efa lasa toy ny tanimbary ny fahasimbana amin'ny toerana sasany amin'izany ampahan-dalana izany. Tsy misy hatramin'izao ny fikarakarana ataon'ny tompon'andraikitry ny asa vaventy, fa dia jerena fotsiny toy ny tany nahalavoana izany araka ilay fitenenana izay. Miantso ny tompon'andraikitra ny any an-toerana, ny hanarenana haingana izany lalana izany, lalana izay nigodana tokoa vitan'ny fitondrana Ravalomanana teo aloha, fa ankehitriny potika tsy misy fikarakarana, satria tsy hita izay nanjavonan'ny vola tokony hikojana ny lalana amin'izao fitondrana Rajoelina izao.

Aly